

ANTANANARIVO HO AN'I KRISTY

Laharam-pahamehana maika indrindra rehetra ho an'ny fiangonana Advantista maneran-tany ny **fifohazana sy fanavaozana** izay hany fepetra tokana handraisana ny herin'ny Ranonorana Farany ho entina mamita ny Asa. Ny mikatsaka izany fifohazana izany no tokony ho anton'asantsika voalohany indrindra (ISM 121) fa ity asa ity dia tsy ho vita amin-kery na amim- pahatanjahana fa amin'ny Fanahiko hoy Jehovah Tompon'ny maro (Zak 6 :4). Isan-taona dia 132.000.000 no teraka ary 60.000.000 no maty kanefa isika 18 tapitrisa monja ary mananika ny 8 lavitrisa ny hitoriana.

100 taona mahery izao no efa nanomezan'Andriamanitra fahitana ny fiangonana advantista miantso haingana ny fiangonana ho amin'izany ezaka fitoriana manokana amin'ny tanan-dehibe izany. Indrisy anefa fa dia toa natao tsirambina ihany izany, eny nolavina mihitsy aza toy ny antso nalefa tamin'i Jona ho any Ninive 800 taona talohan'i Kristy. Mbola miantso hatrany anefa Jehovah ary tsy kivy mandresy lahatra ny tsirairay avy manao hoe: « Moa Izaho tsy halahelo an'i Ninive va ilay Tanana lehibe... ? » (Jona 4 :9-11). Jesosy dia nandeha nitety ny tanàna rehetra(villes) sy ny vohitra (villages), nampianatra sy ny nitory ny filazantsaran'ny fanjakana ary nahasitrana ny aretina rehetra mbamin'ny rofy rehetra (fitoriana marorantsana), ary nony nahita ny vahoaka Jesosy dia nahonena azy ny fijeriny ireo fa nafoy toy ny andry tsy misy mpiahy... (Matio 9 :26,27). Nitomany an'i Jerosalema Izy fotoana fohy talohan'ny hiakarany teo amin'ny hazo fijaliana (Matio 23:37). Malahelo manokana an'ireo mponina an-tanandehibe Andriamanitra ary maniry mafy hamonjy ireo vahoaka an-tapitrisany maro miahoaho ao na dia ratsy fanahy toa an'i Sodoma sy Ninive aza ireo.

Manoloana dia tapa-kevitra hamaly ny antson'ny fon'Andriamanitra ny fitantanan'asa maneran-tany ka 5000 tapitrisa na 5 lavitrisa no mponina an-tanandehibe hotratrarintsika amin'izao ezaka Fitoriana amin'ny Tanan-dehibe. Efa maherin'ny antsasaky ny mponina eto an-tany no monina eny an-tanandehibe ary atsy ho atsy aza dia hahatratra 70 % hatramin'ny 79% no hameno ny tanan-dehibe. Misy tanan-dehibe manana mponina mihoatra ny 1.000.000 miiisa 554 eto an-tany no hotratrarina ka iray amin'ireny Antananarivo. Misy tanan-dehibe avo mimanda 27 manana mponina 10 hatramin'ny 33 tapitrisa no tsy maintsy iakarantsika hitondrana izao hafatra farany izao (Tokyo, New York, Londres, Paris, Calcutta, Mombay, Dhaka, Rio, Lagos, sns). Baikon'i Jesosy ny tsy maintsy hanaovana ny Asan'llay naniraka antsika sy hamitana ny Asany (Jaona 4:34) fa tsy azo ivalozana ny fepetran'ny Matio 24:14 hialantsika amin'izao tany be fahoriana izao. Na salama isika, na malemy, na antitra na maty dia antsoin'Andriamanitra hamita ny Asa. Tsy maintsy hoentina faingana izao hafatra maika izao fa izay tsy ataontsika amin'ny fotoana milamina dia hatao amin'ny fotoan-tsarotra sy ny ranomaso. Manidina faingana ireo anjely 3 hitondra ny hafatra telo sosona ary aorian'izay dia hidina amin'izay ilay anjely fahefatra (Apok 18) ka hazava ny tany rehetra fa ho vita ny Asa.

Efa ho roa taona izao no nanomezana ny fiaingana ho amin'izao ezaka fitoriana amin'ny tanan-dehibe izao. Nanombohana izany ny fitoriana miezinezina tao an-tananan'i New York tamin'ny volana Jona 2013 teo izay niombonan'ny rehetra maneran-tany. Taorian'ireo fitoriana mahery vaika tsy miato dia 5300 no vita batisa tao anatin'ny herintaona izao izay fahagagana lehibe tokoa teo amin'ny tantara fa nambinina isika rehefa nino ny mpaminany.

Ny Divizona 13 dia samy nanohy ny ezaka ka nifidy tanan-dehibe iray ho fanomezana fiaingana ho an'ny ezaka fitoriana an-tanandehibe. Luanda renivohitr'i Angola no nofidina. Sity 50.000 no niarania ary mpitory tsy latsaky ny 10.000 no nandrasana avy amin'ny vazantany efatra nanatanteraka izany. 23.000 no natao batisa tamin'ny ezaka niraisana Septambra teo ary tsy latsaky ny 47000 no vita batisa tao anatin'ny herintaona monja. Dia manohy indray ny ezaka ireo Unions na

IOUC – ASA FITORIANA

fivondronambe 133 maneran-tany indrindra fa ireo Unions 10 eto amin'ny Diviziona SID ka tratraina amin'izany Lusaka, Antananarivo, Harare, Lilongwe, Maputo, sns.

Antananarivo, tanànan'ny Arivo lahy tsy maty indray andro, no hotratrarintsika eto amin'ny IOUC. Renivohitr'i Madagasikara izy, misy mponina mihoatra ny 2 tapitrisa (10% n'ny Malagasy), misy fiangonana sy zana-piangonana miisa 300, misy mambra advantista mihoatra ny 20.000 (mambra iray isaky ny mponina 100) izay miely patrana amina distrika 20. Tanjona kendrena amin'izao indray manezaka izao ny hahita batisa 20.000 ka ampiharana ilay teny baiko eo amin'ny SID manao hoe: MAMBRA IRAY MITAONA FANAHY IRAY. Hiezaka hiasa amina olona miisa 200.000 isika hahatrarana io tanjona io, kanefa dia mbola ny 1/10 ny mponin'Antananarivo ihany izany hatreto anefa 3000 isan'andro no mibosesika miditra ity tanàna ity. Ezahina ny hametraka sity fitoriana 2000 hatramin'ny 3000 eto ka ny TAMAMIFI dia hizara madinika indrindra izay tratra ka mambra 4 na 5 no hanangana sity iray. Tsara indrindra raha ny tokantrano tsirairay mihitsy no ho foibe fitoriana ny filazantsara ka raha tratra dia fianakaviana iray manangana sity iray.

Ankehitriny ary dia 100 andro sisa am-pelatanantsika dia ho tonga ao anatin'ny FIJINJANA NY EZAKA FITORIANA LEHIBE ANTANANARIVO HO AN'I KRISTY isika. Manoloana izao ezaka lehibe izao dia Inona no hataontsika? Ahoana no ho fomba fiasantsika? Inona no vokatra andrandraina amin'ny fiangonana sy ny tsirairay avy?

Hanokana 100 andro isika hanakaikazana bebe kokoa ilay Kristy Mpamonjy sy Tompon'ny Vokatra. Raha miray amiko ianareo hoy Kristy dia mamoa be fa raha misaraka amiko kosa ianareo dia tsy mahay manao na inona na inona (Jaona 15:4). Antsoina ny isam-batan'olona ho amin'ny fifohazana sy fanavaozana marina hahafahan'Andriamanitra mandrotsaka ny Fanahy Masina. Anisan'ireo olona tsy mahatanteraka ny fifohazana hatreto ny faheverezan'ny soatoavina advantista eo amin'ny pasitora sy mambra sasantsasany, ny fitomboan'ny fitiavana izao tontolo izao eo anivontsika, ny tsy fahatanterahan'ny fifankatiavana sy firaisan-kina ary ny fahatsiarovan-tena ho afa-po amin'ny aimpanahy anefa tsy miteraka hafanam-po hanao ny Asa akory.

Adidintsika ny mamerina indray amin'ny fomba mafimafy kokoa ny fanandraman'ny 10 andro tao amin'ny Efitrano Ambony amin'izao 100 andro izao hahafahan'Andriamanitra manafy antsika ilay Herin'ny Fanahy (dunamis) hampipoaka ny Asa Fitoriana maneran-tany. Koa amin'ny alalan'ny famenoana ireo ny fepetra 7 (VM 34,35) toy ny fampietrena ny izaho, ny fibebahana sy fiaken-keloka tanteraka, ny vavaka mafana tsy an-kiato, fanamafisana ny finoana sy fifankatiavana, fitalahoana sy fitakiana ny firotsahan'ny Fanahy sns, no hahatrarana izany.

Tsy hadino ireo programa fampifohazana mitohy iraisana maneran-tany: 10 andro fifohazana eo ampiandohan'ny taona, ny rojom-bavaka 777 sy fifadian-kanina 111, ny diabe isan'andro miara-manaraka ny "Velomin'ny Teniny," fiaraha-mivavaka samihafa sy isam-batan'olona, Vavaka fanelanelanana, fandinihana tsara isan'andro ny Soratra Masina sy ny Leson'ny Sekoly Sabata ary fanahin'ny faminiana sns, ho fanomanana ny fo handray ny hery manovan'ny Fanahy Masina.

Entanina àry ny rehetra handray am-po ireo tetikasa ireo ka lohalaharana amin'izao 100 andro izao ny: hanomana ny tany, hamafy ny voan'ny fahamarinana, hikolokolo sy hanisy zezika mandrapahatongan'ny FIJINJANA LEHIBE 23 Aogositra – 06 Septambra 2014.

Efa napetraka ary ny Soridalan-kiasan'ny Asa Fitoriana Antananarivo ho an'i Kristy 2014. Koa antsoina ny fiangonana rehetra sy ny mpitarika rehetra hiara-manaraka izany antsakany sy andavany hisian'ny fahombiazana. Aoka tsy hisy komity na sampana na departemanta hamorona programa hafa ivelan'ireo na mifanindry sy mifamono amin'ireo. Aoka hiasa mirazotra mikendry tanjona iray isika. Aoka mba tsy ho fitadiavam-pahafinaretana no andaniam-potoana sy tetibola fa ny fitoriana no aoka ho lohalaharan'ny sampana rehetra ary ny volam-piangonana dia hafantoka ho amin'ny fitoriana

IOUC – ASA FITORIANA

mivantana sy famonjem-panahy amin'izay. Entano hatrany ny fahalalahan-tanan'ny rehetra fa mila volabe ny Asa toy izao. Ny fiovam-po marina hoy Lotera dia midina hatrany amin'ny paosy.

FANOMANANA NY TANY: eto dia entanina ny rehetra hampihatra ny fomba fiasan'i Kristy izay hany mahomby amin'ny famonjem-panahy (MH 143). Mila mandeha mivoaka ny fiangonana isika dia mifangaro sy miara-mihosina amin'ny olona, maneho hatsaram-panahy aminy, manome izay ilainy, maka ny fitokisany. Lohalaharana amin'izany ny Sampana Fitoriana amin'ny lafiny sôsialim-bahoaka ao amin'ny fiangonana izay tarihin'ireo sampana samihafa ao anatin'ny Sampana Fanasoavana ny Fiarahamonina (Service Communautaire): Dorkasy, MIHOM (samaritana TF), ny ADRA, ny Vonjy Aina, ny Manohana ireo be antitra, ireo sahirana, SDF, ireo tratry ny loza sy mosary, sns... Mametraha drafitrasa fizarana mitohy sy fanangonana zavatra hozaraina mitohy.

Aoka hojerena tsara izay filan'ny olona ka araka izay ny hetsika hatao ary isao ny isan'ny olona voakasika amin'ireny hetsika rehetra atao ireny: Asa soa, fizarana sakafo izay tokony hanaovana fanangonan-javatra mitohy ao am-piangonana, ny cours d'études: anglais, math, musique..., ny hetsika an-dalambe (marche, cross country, marathon, mitabe, hira, antsam-panahy), salle de gymn na match sports collectifs, fizaha-marary maimaimpoana, Ivon-toeran'ny fanantenana na centres d'influences, fampirantiana samihafa, fizarana PPN fitafiana, fizaha-marary maimaimpoana, fitoriana eny andalambe, fizarana trakta sy DVD eny amin'ny embouteillage), fitetezan-trano, fanadiovana tanàna, cours de cuisine, fizarana trakta sy pejy voasoratra samihafa, SMS, amis facebook, sns.

Ireo rehetra ireo no atao dia fanaovana opération finamanana/fisakaizana/fifankazarana fisarihana ny olona ho amin'ny fampisehoana aminy an'i Kristy. Tandremo tsy ho variana amin'ny fihetsiketsehana fotsiny dia izay fa toy nydokam-barotra hisarihana ny olona ireny hividy ny entana ireny fa kendreo hatrany ny tanjona hahatonga azy hatrany amin'ny batisa. Ny famonjena ny olona rehetra no kendrena ka atao izay hifampikasohana sy hifandraisana amin'olona be indrindra araka izay tratra; dia ny fitiavana ny olona rehetra hovonjena izay programan'Andriamanitra mihitsy no hanosika antsika amin'izany.

Manamora ity ezaka ity ilay fomba fiasa OIKOS: raiso ilay karatra vavaka tsy misaraka ao anaty paosy na baiboly na telephone, dia soraty ao ny anarana sy adiresin'ireo olona tena tianao hiasana sy hovonjena ho entinao any an-danitra. Atombohy amin'ny ao an-trano izany, ny havanao (aza manaiky izany mpaminany tsy masina an-taniny izany fa Jesosy aza tany amin'ny taniny Galilia no tena niasany be indrindra), ny namanao izay efa mifankahazo am-po sahady aminao, ny mpiara-miasa, ny iray tarika aminao, ireo manam-pahefana eo amin'ny taninao, ireo olobe sy tangalamena ary mpitondra fivavahana. Aoka hijoro ho fantatry ny olona isika sy ny fiangonantsika. Hararaoty ireo occasions fanararaotra toy ny fetin'ny reny, fetin'ny ray, ny fetim-pirenena, taom-baovao, ireo toe-javatra sy hetsika rehetra ahazoan'olona. Aza misaraka amina pejy voasoratra hozaraina. Raha ireo mambra 20.000 eto Antananarivo no samy miezaka mahavita mifampikasoka sy mifandray amina olona 100 samy hafa dia mety ho tratra ny fampahafantarana ny mponina 2 tapitrisa eto larivo ny fiangonana Advantista. Ento am-bavaka mandrakariva amin'ny ora rehetra ireny ka ataovy rivotra iainanao mihitsy ny vavaka mafana totoafy fa ny hany herintsika dia mbola ny vavaka ihany (Salamo 141:5). Tadidio anefa ilay fitsipika hoe: mivavaka –miasa- miasa - mivavaka. Na ny valala aza tsy azo tsy andriana ilika maika fa ireo fanahy sarobidy dia ilàna faharetana fandohalehana maharitra ary fikirizana mitohy. Aoka ny Asa Fitoriana ataontsika tsy ho tapatapaka intsony fa mitohy sy tsy mijanona intsony mandrapahavitany. Aoka tsy hataontsika intsony ilay fitoriana miandry kaonferansa fotsiny anefa na ny maro aza tsy manao akory ary isika mpanasa mora vizaka alohan'ny nasaina dia miandry hanao faradoboka amin'ny farany ka mipetraka tanteraka eo indray.

Aoka hiresaka sy hifandray amin'ny olona betsaka izay tratra isika ka aza avela mihitsy ny ezaka mandrapahazonao ny fitokisany. Matio 6:21 tadiavo ny misy ny fon'ny olona sy ny fitokisany fa izay

Ireo tsara ho fantatra miaksika ny tetikasa « Antananarivo ho an'i Kristy »

andaniany fotoana sy vola ary zavatra mahafinaritra azy no misy izany ka any no anombohy ny resaka. Ento am-bavaka mafana tsy miato izy ary lazao izy fa mivavaka ho anao aho. Raha manomboka mizara ny olany aminao izy dia tsenao fitiavana sy hatsaram-panahy efa manomboka azonao ny fony sy fitokisany amin'izay. Ankasitraho ny fahatsoram-pony ary atombohy avy hatrany ny fijoroana ho vavolombelona aminy. Raha mbola miresaka momba ny ankohonany, ny asany, ny zavatra tiany ianao dia lafy tsarany mandrakariva no asehoay ary ampaherezo amin'ny teny mamy izy fa aza manampy trotraka mitantara ny problemana indray ianao. Izarao amboarana teny fikasana mitondra fanantenana izy. Averimbereno foana ny teny hoe mahafinaritra! Tia anao Jesosy!

Tadidio ireo dingana telon'ny fijoroana ho vavolombelona: nanao ahoana ny fianako talohan'ny nandraisako an'i Jesosy, nanao ahoana no niovanao fo, manao ahoana ny fanandramanao miaraka amin'i Jesosy ankehitriny. Omeo boky ny Dia ho eo amin'i Kristy izy, DVD, VCD momba mitondra fanantenana.

Asao hanatrika ny fotoan'ny Tamamifi, Seminera, Antsam-panahy, indrindra ireo fotoana ao am-piangonana izy, Sekoly Sabata, fotoam-bavaka, Sabatan'ny Mpamangy. Ampidiro tsimoramora izy hianatra ny Tenin'Andriamanitra. Ampiasao ireo fitaovam-pitoriantsika famafazana Antso farany, Antso Avo Maika, Fianakaviana Sambatra, Miteny ny Baiboly, Aza matahotra, Ala saron, lalam-pandresena, Dinihonareo ny Soratra Masina, Voasoratra hoe, sns. Ato anatin'ny 100 andro dia tokony hoe efa hahavita lesona farafahakeliny 15 izy raha mianatra lesona isan-kerinandro. Ataovy indroa isan-kerinandro ny fampianarana raha azonao atao. Olona efa niasana sy nomasahana ary efa eo andalam-panapahankevitra no entina mamonjy ireo ezaka fitoriana amin'ny 23 Aogositra.

Ireo fotoana ao am-piangonana sy ny trano fiangonantsika àry dia tokony ho vonona handray olona liana mandrakariva satria mba hanatrarana ny tanjona miaraka dia hanao fifaninana masina hitaona fanahy ny mambra ka tokony ho vonona amin'ny fotoana rehetra isika hanateran'ny Fanahy olona vaovao isan'andro hovanjena. Koa ny Sabata rehetra ho an'ny Sekoly Sabata dia tokony ho vonona toy ny hoe Sabatan'ny Mpamangy mandrakariva isan-tSabata.

Ny Toriteny amin'ny fotoam-pivavahana rehetra araka ny tapaky ny fivorian'ny mpitandrina maneran-tany dia hatokana ho toriteny kaonferansa avy hatrany. Izany no anton'ilay andiam-pampianarana hoe: “hafatr'i Jesosy ho amin'ny andro farany.” Sady ho fitoriana avy hatrany amin'ireo liana izany no ho fanazaran-tena ho an'ny mpandaha-teny sy mpanao asa misionera ary aim-panahy ho an'ny rehetra. Arahina antso mitalakotrokotroka ny famaranana toriteny rehetra. Hamaroina ny Kilasy Batisa na kilasin'ny Baiboly ka asao ny vahiny hanatrika. Tsy tokony hisalasalala ny hampisoratra anarana eo amin'ny kilasy SS isika raha vao tonga indroa na in-telo ilay olona.

Ny Sabata antoandro dia ho hahatsara ny fifankatiavan'ny mpirahalaha sy fifamatorana eo amintsika sy ireo liana ny fanaovana Fiaraha-misakafo. Tandremana tsara ny fihetsika ndrao tafintohina ny nasaina ary aoka tsy hihatsaravelatsiky. Atao tamana amin'ireo rivotra fifankatiavana, hafanam-po sy vavaka, hira mamelombelona fanahy sy programa manintona ny fo izy. Asao ho any amin'ny Mifem, chorale, clubs aventuriers, explos, ambassadeurs, JA, fa raha mahay maneho hatsaram-panahy sy manaja olona isika dia hisy 100 eo amin'izay tsy misy afatsy iray ankehitriny hoy EGW. Ny hetsika rehetra ataon'ny fiangonana sy ny tsirairay avy ary ny sampana rehetra dia aoka hiompana ho amin'ny ANTANANARIVO HO AN'I KRISTY KA MANARAKA TSARA NY SORIDALANA ISIKA. Averimbereno mandrakariva ny fampahatsiahivana ny Voady sy Fanekena: MAMBRA IRAY MITAONA FANAHY/ NAMANA IRAY. Tsy voatery ho iray monja anefa no homen'ny Tompo anao fa mety 10 na 25 (pentekosta) na 100 na 1000 dia vitan'Andriamanitra aminao izany raha manolo-tena tsy misy fepetra ianao. Jaona 3.33 Fa tsy misy Fetra ny fanomezan'Andriamanitra ny FAnahy.

IOUC – ASA FITORIANA

Ny Sabata tolaandro kosa dia aoka holaniana amin'ny FIOFANANA. Ny teny hoe fiofanana dia fandranitana fitaovana dombo. Sarotra ny miasa raha dombo fitaovana ary Andriamanitra tsy mankasitraka ny fahavotsana sady maika be rahateo izao fitoriana amin'ny tanan-dehibe izao. Ny fanofanana dia hizara roa mazava: Pratika sy Théorie (fianarana). Ny rehetra hatramin'ny ankizy dia hanao fivoahana misionera amin'ny 1 ora hatramin'ny 3 ora sy sasany. Izay tsy vita dia tohizana alahady sy andro hafa andavanandro ny fitoriana miaraka sy indrindra ny isam-batan'olona. Manokana ora hitoriana isan'andro. Rehefa izany dia hiofana amin'ny fitoriana sy fampianarana fotopinoana ny rehetra alohan'ny hamaranana ny Sabata amin'ny vatsim-panahy fohy. Boky fototra hanampy antsika ny boky IIFK. Efa tokony ho nanomboka izao ny fanofanana momba ireo fanomezam-pahasoavana isika izao ka efa tokony nahavita ny fitsapana (test) ny rehetra hahafahana mahita ny fomba fitoriana sy anjara asa mety hampanaovina azy. Fanofana karazany 8 no tokony ho vitantsika ato anatin'ny 3 volana: fanomezam-pahasoavana – fomba fakana olona ho liana - teknika Asa Misionera – Fomba fampianarana baiboly tsotra – Fampanapahan-kevitra – Tamamifi – fitorianteny – Faktera Misionera. Aoka arahintsika mpanofana ireo didy folon'ny fanofanana sy fitarihana.

Maika dia maika ankehitriny ny hanomezantsika ny isan'ny mambra mitory, ny lisitr'ireo liana izay iasantsika, ny lisitry ny sity sy adiresy, ny lisitr'ireo mpandaha-teny amin'ny volana Aogositra (Coaches, ny Pasitora rehetra sy ny vadiny, Loholona rehetra, talem-piangonana rehetra, lehiben-tsampana rehetra, ny chefs guides rehetra, ny aspirants, ny vehivavy mifem, ny ankizy mpitoriteny, ny Evanjelista Mpampielany boky rehetra, ny mpitoriteny laika rehetra, ireo mpandaha-teny nasaina rehetra avy any ivelan'Antananarivo, ka tanjona ny hahazo mpandaha-teny 2000 hatramin'ny 3000. (Fiangonana voalamina hiteraka sity 10, ny zana-piangonana sity 5, ny SSZ sity 1) Homanina dieny izao ny fitaovana ho azy ireo boky kaonferansa, DVD, VCD, Carte SD, MP3, Power point ary dia hanao fanazaran-tena isan'andro ireo ao anatin'ny telovolana ngarangidina. Hisy andiany kaonferansa 2 na 3 hatolotra dia anjarany no mifidy izay mety hanavanana azy.

Anterina amin'ireo fiangonana sy sity tsirairay avy ihany koa ny hanomana tsara ny toerana hijinjana dieny izao, ny fandraisana ireo vahiny nasaina na liana izany na ireo mpandaha-teny. Apetrapetraho tsara dieny izao ny tetibola sy drafitrasa ary ataovy azon'ny miaramila miasa rehetra ny zavatra atao. Aoka hiasa mafy ny comité de pilotage, ny komitin'ny Asafi, ny mambra any amin'ny sity tsirairay. Ajoroy dieny izao ireo vaomiera samihafa toy ireny fanao amin'ny kaonferansa ireny fa ny fahaizana mandamina tsara no entinao miady fa Andriamanitra tsy mba hitahy ny zavatra mikorontana sy tsy milamina. Araho tsara ary ireo voalazan'ny Soridalana izay MITOHY tsy miato 2014 sy 2015.

15 Jolay – 22 Aogositra dia 40 andro sy 40 alina hanaovana vavaka totafo ho an'ny ANTHAKRI

21 Aogositra Fahatongavan'ny mpandaha-teny ka hisy ny fihaonambe fanomezana toromarika (réunion d'orientation sady fisoratana anarana) mety ho toerana iray na isaky ny renivohitry ny distrika. Aoka ho vonona amin'ny zara vahiny isika amin'izay.

22 Aogositra Fanomanana farany any amin'ny sity tsirairay avy

23 Aogositra Fiangon'ny EZAKA LEHIBE FITORIANA ANTANANARIVO HO AN'I KRISTY sity 2000/3000 izay hifarana ny 06 Septambra. 30 Aogositra Sabata Fifaliana, fiaraha-misakafo miaraka amin'ireo liana anaovana fanasana manokana sy programa manokana izy. Ny hariva ny lohahevitra dia momba ny batisa.

Ny herinandro faharoa dia lohahevitra fampanapahan-kevitra avoka ary izay efa vonona sy efa novononina dia azo aroso hatao batisa isan-kariva fa batisa miantso batisa. Manomboka amin'io herinandro io koa ny kilasin'ny Baiboly/Batisa fanamafisana ireo fotopinoana rehetra mialohan'ny kaonferansa. Ny Sabata 06 Septambra dia batisa lehibe miezinezina eo amin'ny Gradin III Vatolampy mampiray ny maraina atrehin'ny lehiben'ny Asa Fitoriana avy any amin'ny foibe maneran-tany sy ny

Ireo tsara ho fantatra miaksika ny tetikasa « Antananarivo ho an'i Kristy »

IOUC – ASA FITORIANA

Diviziona SID, Fanavaozam-panolorantena manerana-tany ho an'ny tanora koa io andro io. Ny Alahady 07 Septambra dia fankalazana sy fisaorana an'Andriamanitra ary fanehoam-pakasitrahana manokana ireo mpitory nahafatrapo sy ireo Tanora nahazo fanahy maro.

Ny 18 Oktobra – 01 Novambra dia kaonferansa fijinjana fahatelo amin'ity taom-piasana ity

Ny 13-27 Desambra 2014 dia kaonferansa fanapahan-kevitra izay hamarana ny Ezaka 2014

2015 dia mitohy ny Asa mandra-pahatratra ny tanjona hoe: “Fenoinareo ny fampianaranareo Antananarivo...” (Asa 5:23). Ho vita ny Asa fa amin'ny fahatanterahana faingana no hanefan'I Jehovah ny Teniny ambonin'ny tany rehetra (Romana 9:28). Aoka ho fantatrareo fa izao famonjen'Andriamanitra izao dia nampitondraina ho any amin'ny jentilisa ary **izy hihaino azy** (Asa 28:28,29). Harotsaka ny herin'ny Ranonorana ary ao anatin'ny fotoana faran'izay fohy dia ho vita ny Asa (FRF 16) dia ho avy Kristy ary ho any an-danitra amin'izay isika Advantista izay efa sasa- niandry 170 taona izao. Mahereza ary andao hamita ny Asa. Ny toe-javatra rehetra miseho sesilany ankehitriny dia fanaitra ho antsika fa tsy fonenantsika intsony eto koa miomàna ary manontany anao Jehovah: “Mbola manana ato koa va ianao? Ento miala amin'ny ity tanàna ity fa horavan'I Jehovah ity tanàna ity”. Andao hovitaina ny ASA fa hoy ny teny farany nataon'I Jesosy tao amin'ny Baiboly: “Avy faingana Aho”. Maran'atha!

Ps Heriniaina Randriamanantena

Ireo fotoam-bavaka isan'ora ANTHAKRI sy tanjona BATISA

1. IOUC	1.00
2. FMC	2.00
3. Ambohidroa	3.00
4. Ambohijafy	4.00
5. Ambohijanaka	5.00
6. Ambohimanarina	6.00
7. Ambohimangakely	7.00
8. Ambohitrimanjaka	8.00
9. Ampangabe Ilafy/Soavinimerina	9.00
10. Andramasina	10.00
11. Androntra	11.00
12. Anosibe	12.00
13. Avaratetezana	13.00
14. Behenjy	14.00
15. Imerintsiatosika	15.00
16. Isotry	16.00
17. Ivato	17.00
18. Mahitsy	18.00
19. Mandrosoa	19.00
20. Manjkaray	20.00
21. Soamanandrarin'ny	21.00

Ireo tsara ho fantatra miaksika ny tetikasa « Antananarivo ho an'i Kristy »

IOUC – ASA FITORIANA

22. Tanjonandriana	22.00
23. Francophones + Anglophones	23.00
24. SITeS POUR VIP	0.00